

## FAMPITAM-BAOVAO

**Antananarivo, 28 febroary 2022**

Ho fampiharana ny andininy faha-37 andalana faha-3 amin'ny lalàna fehizoro 2018-008 tamin'ny 11 Mey 2018 mikasika ny fitondrana ankapobe ny fifidianana sy ny fitsapan-kevi-bahoaka ny CENI, dia niroso tamin'ny famaranana vonjimaika ny lisi-pifidianana izay notanterahina ny 28 febroary 2022 tamin'ny alalan'ireo Rantsamangaika eny anivon'ny Distrika. Tao anatin' ny Fanavaozana isantaona ny lisi- pifidianana (RALE) 2021-2022, dia mizara roa lehibe ny asa natao. Andaniny, fampidirana ireo mpifidy vaovao izay vao feno 18 taona ; famerenana ireo mpifidy voafafa tsy nahy tanaty lisitra ; famerenana ireo naverin'ny fitsarana amin'ny zony.

Ankilany, ny fanesorana ireo maty sy ireo nifindra toeram-ponenana ary ireo very zo taorian'ny fanapahan-kevitra ny fitsarana.

Araka ny fomba fiasa dia atolotra ny CLRE (eny anivon'ny Fokontany) ny lisitra ahitana ireo anarana miverina indroa na maromaro. Eo ihany koa ny lisitr'ireo mpifidy mitovy laharana karapandrom-pirenena mba hahafahana manamarina na manitsy izany. Ny fepetra rehetra horaisina manandrify izany dia nankinina tanteraka eo amin'ny Distrika isany avy. Ny fanamarinana ny mombamomba ny mpifidy tsirairay voakasik'izany, na ny fanitsiana tokony ho atao amin'izany, dia tsy maintsy noresahina tao amin'ilay lisitra natolotra azy ireo. Ny tanjona dia ny hahazoana vokatra tsara ho amin'ny famaranana vonjimaika ny lisi-pifidianana 2021-2022.

Raha efa ireo asa rehetra notanterahina ireo dia niroso tamin'ny fanangonana sy fanontana printy ary famaranana vonjimaika ny lisitry ny mpifidy ny CENI. Araka ny voatondron'ny lalàna, ny lisitra izay faranana vonjimaika androany 28 febroary, dia atolotra isaky ny Fokontany ka hoentina hanamarinan'ny mpifidy ny mombamomba azy. Manana fe-potoana 20 andro aorian'ny namerenana izany eny anivon'ny fokontany izy ireo, izay nanaovana peta-drindrana ny filazana ny fametrahana izany lisitry ny mpifidy izany eny anivon'ny biraom-pokontany, araka ny voalaza ao amin'ny andininy 21 amin'ny lalàna fehizoro lf2018-008.

Araka izany, mpifidy **10 512 419** no voasoratra anarana nandritra ny RALE nofaranana tanteraka tamin'ny 15 May 2021.

Toy izao kosa ny statistika mifandraika amin'ny RALE 2021-2022 :

Ny isan'ny mpifidy vaovao: **380 601**

Ny isan'ny mpifidy noesorina: **180 039**

Ny isan'ny mpifidy nofaranana vonjimaika ny 28 febroary 2022: **10 712 981**

Araka izany dia nahitana taham-pitomboana : **1,91%** zany

Na teo aza ireo olana natrehina tamin'ny fanatanterahina ny asan'ny famaranana vonjimaika io lisitry mpifidy io, RALE 2021-2022 : fisian'ny valan'aretina COVID19 sy ny vanim-potoanan'ny orana, andro ratsy ; ny CENI sy ny rantsamangaikany dia nanao ny

ainy tsy ho zavatra ary tsy nikely soroka tamin'ny andraikitra izay napetraky ny lalana tamin'izy ireo .

Farany, manentana ny mpifidy hatrany ny CENI mba hanitsy sy hanamarina ny mombamomba azy ireo ao anaty lisi-pifidianana nofaranana vonjimaika izay napetraka eo anivon'ny Fokontany misy azy ireo.

---

Conformément aux dispositions de l'article 37 alinéas 3 de la loi organique numéro 2018-008 du 11 mai 2018 relative au régime général des élections et des référendums, la CENI et ses démembrements ont procédé, ce lundi 28 février 2022, à l'arrêtage provisoire du Révision Annuelle de la Liste Electorale (RALE) 2021-2022.

Ainsi, l'opération de la RALE consiste, d'une part, à l'addition des nouveaux titulaires de Carte Nationale d'Identité, de ceux qui sont aptes à voter mais ne sont pas inscrits sur la liste, de ceux qui ont recouvert leur qualité d'électeur suite à une décision de justice et d'autre part, au retranchement des électeurs décédés, de ceux qui ont changé d'adresse ou ceux qui ont perdu leur qualité d'électeur suite à une décision de justice.

Pour ce faire, la liste contenant les inscriptions multiples et la liste des électeurs ayant les numéros de CNI identiques sont mises à la disposition de la Commission Locale de Recensement des Electeurs au niveau de chaque Fokontany afin que celle-ci procède à la vérification et à la rectification en utilisant toutes les sources d'informations disponibles fiables et officielles (photocopie CIN, registres, ...). Il s'agit en effet d'obtenir la confirmation de l'exactitude des informations personnelles de chaque électeur concerné en vue des résultats de l'arrêtage provisoires de la RALE 2021-2022.

Après ces démarches, la liste des électeurs ainsi arrêtée provisoirement a fait l'objet de compilation et d'impression. Ce n'est qu'à partir de ce 28 février 2022, date légale de l'arrêtage provisoire, qu'elle sera remise auprès de chaque Fokontany. Selon l'article 21 de la même loi organique, les électeurs sont appelés à vérifier leur inscription et les informations leur concernant dans ladite liste, 20 jours après l'affichage de l'avis de son dépôt de la liste au bureau du Fokontany.

Si **10 512 419** électeurs ont été enregistrés dans la liste électorale lors de la dernière RALE, la clôture définitive se fera le 15 mai 2022. Selon les statistiques de base de la RALE 2021-2022 l'arrêtage provisoire se résume comme suit :

Le nombre des additions est de : **380 601**

Le nombre des retranchements est de : **180 039**

Le nombre des électeurs arrêté provisoirement le 28 février 2022 est de **10 712 981** soit un taux d'augmentation de : **1,91%**

Ainsi, bien que des difficultés aient été rencontrées lors de la réalisation de ces activités, notamment celles engendrées par la pandémie de la COVID19 et la période des pluies et des cyclones, la CENI et ses démembrements se sont mobilisés pour ne pas faillir à leurs missions.

Pour terminer, la CENI appelle chaque citoyen à procéder à la consultation et à la vérification de la liste électorale provisoirement arrêtée et déposée auprès du Fokontany de son rattachement.